## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# 100 andro sisa, mihazakazaka ny fotoana

Mihazakazaka ny fotoana, 100 andro androany sisa dia tokony hametra-pialana amin'ny maha-filoha azy ny filoha Andry Rajoelina. Izany hoe, eo amin'ny 3 volana mahery kely eo sisa dia hiala eo amin'ny fitondràna ny filoha mitantana ny firenena ankehitriny Andry Rajoelina . Manoloana izany, indrindra raha ny zavatra hita dia toa mamofom-pofona korontana no hita eto amin'ny firenena. Nisy ny kongresim-paritry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tany amin'ny faritra Itasy natao tao Analavory ny talata lasa teo. Tsy misy inona antony inona loatra, fa dia filohampirenena teo aloha manana ny sata manokana, no nokendrena tamin'ny baomba mandatsa-dranomaso raha niditra tao anaty tsena hividy zavatra dia ny filoha Marc Ravalomanana izany . Raha ny zavatra niseho tany antoerana dia nosakanana tsy avela hiantsena ity farany, fa hoe misy baiko hono araka ny nambaran'ny mpitandro filaminana azon'izy ireo, fa tsy mahazo mandeha lalankafa fa avy hatrany dia miditra ao anatin'ny toerana hanaovana ny kongresy. Tsy nahasakana ny filoha Marc Ravalomanana anefa izany, fa avy hatrany izy dia niditra ho any antsena. Avy hatrany, hery famoretana no natao tamin'ity filoha, izay efa ray amandreny nitantana sy nahavita be teto amin'ny firenena ity. Faharoa manaraka izany , nitaona olona hidina eny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey omaly, ny vadin'i Mahery Lanto Manandafy, sy ireo andian'olona nanaraka azy tamin'izany . Miaramila, zandary ary polisy marobe miaraka amin'ny fitaovam-piadiana anefa no narentirenty teny amin'ny 13 Mey, izay mihoatra lavitra be noho ireo andian'olona hita teny antoerana. Dia eo no mampieritreritra ny olom-pirenena hoe fanjakàna inona no misy eto ? Milaza fa mamim-bahoaka nefa toa zavatra bitika dia ampiasaina ireo herim-pamoretana ? Ny filoha Marc Ravalomanana dia efa nanambara ombieny ombieny, fa tsy avy aminy no hisian'ny korontana eto amin'ny firenena. Voafehiko hoy izy ny antoko Tiako i Madagasikara sy ny RMDM miaraka amiko . Fifidianana izao no mahamaika anay hoy izy, hialàna amin'ity fahantrana lalina mahazo ny vahoaka Malagasy ankehitriny ity . Eo ihany koa ny tsy fanajàna ny zon'olombelona izay efa tsy hita pesimpesenina no miseho ankehitriny. Ka eo no mahalasa saina ny maro hoe : sao tsy vonona hanao fifidianana aza ity fitondràna ity, ka mitady korontana hisian'ny tetezamita eto amin'ny firenena ? Maro ny olona ampiasaina hoy ny hafa mba hampisavorovoro ny saina ; ka eo no ilaina fandinihana lalina satria ny ratsy tsy kely lalana. Ny fifidianana ihany no hahafahana mamaha olana haingana ny firenena latsaka an-katerena izao, sy ny fanilihana ireo mpitondra tsy mahomby, mpampijaly vahoaka ankehitriny ireo.

***Helisoa***

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mitaky asa mivaingana ny fampandrosoana ny firenena



Miandrandra mafy ny fanampiana ara-bola avy any ivelany mandrakariva ny fitondrana malagasy. Hita miharihary tsara izany ao anatin'izao fitondrana ankehitriny izao indrindra eo amin'ny lafiny vola hoenti-manomana ny fifidianana. Irifana mafy mihitsy, mba tsy ilazana hoe mandadilady ny fitondrana mangataka vola amin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena na ireo mpamatsy vola mahazatra. Ny anton'izany rehetra izany dia vokatry ny tsy fahombiazana amin'ny fitantanana, ka tsy tsy nahafahana nampandroso ny firenena niàla ao anatin'izao fahapotehan'ny firenena sy ny fahantrana lalina manjo azy izao. Ny anton'izany, dia ny fametrahana ny firenena hiankin-doha mandrakariva amin'ny any ivelany sy ny fikorian'ny rovitra mitsoka mahery vaika avy any, dia ny fatotry ny fanatontoloana izany.

Efa fotoana ela no nipetraka ny fanontaniana hoe : f'angaha dia tsy misy manam-pahaizana mpahay toekarena hanafaka an'i Madagasikara ao anatin'izao toerana misy azy izao mihitsy eto ? Fa mankaiza avokoa ireo avara-pianarana vita fianarana ambony momba ny sampam-pianarana toekarena mivoaka isantaona? Sa ny diplôma fotsiny ny an'izy ireny fa ny fahaizana poak'aty sy tsy natao hampiharina eto amin'ity firenena ity ho valim-babena? Maro anefa izay tanora malagasy vita fianarana momba ny sampana fitantanana sy toekarena izay, iarahamahalala sy mahita izany, fa tsy nisy akony amin'ny fampandrosoana ny firenena. Misy antony lehibe ve ao?

Tsy izy rehetra kosa anefa no toy izao, vita fianarana dia miempoka tsy mahalala afa-tsy ny tenany sy ny tombontsoany ihany, fa misy mihitsy tanora na olom-pirenena manampahaizana momba io sehatra io vonona hamoaka izao firenena fadiranovana izao ao anaty lavaka lalina mampihitsoka azy. Olona vonona hamonjy ny vahoaka malagasy ao anaty fahoriany ary saropiaro amin'ity Nosy ity. Anisan'izany ny mpikambana eo anivon'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana( AFK), izay mifofotra mafy tato anatin'ny taona maromaro izao milaza ny tanjony sy ny asa na ezaka efa nataony. Fanadihadihana sy fikarohana lalina voaporofo ara-tsiansa ny mampitombona ny vokatra nataony hahafahana mampandroso ity firenena ity. Asa fampandrosoana tsy ilàna fiankinan-doha amin' ny any ivelany, fa vitan'ny malagasy eto ihany. Ny takiana amin'izay fotsiny dia ny fahatapahan-kevitry ny olom-pirenena sy ny fahasahiany hijoro hiarahientana aminy. Fifandraisana 0341746053.

***Aris***

facebook NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

## Analavory, Kianjan'ny 13 mey Miseho indray ny didy jadon'ny fitondrana Rajoelina



**Andrianjakahasina Rasamimanana :** MISY DEMOKRASIA V ETO SA MISY DIDY JADONA (D.J)? Misaotra an'i Doris Rakoto. Tany Analavory D efa mibaribary ny DJ. NDAO NDAO NDAO. Miseho indray ny didy jadon'ny fitondrana Rajoelina.
**Daniel Rabemanotrona :** @ FITONDRANA MPANAO DIDY JADONA RAINILAINGA dia hita fa tsy mahazo mivezivezy Malalaka manerana ny Nosy n'y Malagasy.
**Andrian Jose :** PIRE avo 100 heny ny DJ @ izao.
**Arnaud Raveloson :** inona ny fandraisanao azy raha ianao no lazaina fa tsy mahazo midina fiara raha tsy tonga any amin'izay alehanao?
**Andrian Jose :** samy manana ny fomba fiadiny ny mpanao politika, fa ny vahoaka foana no victime mijaly fa zareo manao film e!
**Naivoniaina Razafimahaleo :** MAMPALAHELO ANAKAY NY MALAGASY.
**Faniry Andriamiharimanana :** ka lay filoha 6e d'âne ko.
**Zigl Nir :** avelao hikorontana dia mandeh hoazy ny tetezamita e. izay lay kajy ny fahitako azy, fa tsss…
**Mamie Syndie Rakotobe :** nareo miteny ho voageja nefa mahavita manao show mitety tsena ihany.
**Theophile Rakotomavo :** tsy nisy Fitondrana nampiasa herimpamoretana mihoatra noho ny @ izao ANGAMBA tao anatin'ny 60 taona, tena DJ (didy jadona).
**Aurea Ravelonahiana :** @ FITONDRANA MPANAO DIDY JADONA RAINILAINGA DIA TSY MAHAZO MIVEZIVEZY MALALAKA MANERANA AN'I MADAGASIKARA NY OLOMPIRENENA FA MATAHOTRA MAFY NY MPITONDRA MANAO JADONA. MATAHOTRA MAFY AN-DRAVALOMANANA.
**Vin Ralax Dorcel :** sambory izay manakorotana!
Arthur Ramilijaona: zon'ny olom-pirenena ny mivezivezy sy miantsena amin'ny tiany hiantsenana manerana ny Nosy.
**Calixte Gaston:** mavozo mafy an'i President Ravalomanana, fitondran-dRajoelina zao ty!
**Hassan Koezy:** ewa, mavozo President Ravalomanana Rajoelina sy equipe nazy. Doris mampavozo izy, Ravalomanana mampavozo izy, Siteny koa en plus.
**Firmin Rakotobe :** Doris sy Gasy Leo koa aza atahoran-dRajoelina sy ny forongony koa inona no aminy, tsy avotra intsony ity fitondrana ity, ny Bebaoty sisa mitazona azy e!

## TONONKALO

### TONGA NY ORA !

Hatrany an-tranon'ny mpitondra no efa idiran-jiolahy,
Ka tena mampihoron-koditra ary efa mampanahy,
Satria tsy misy filaminana azo heverina intsony,
Fa dahalo no manjaka sy manao ny sitrapony.

Efa tena tsy mba tsaho na hoe karazana honohono,
Tsy mba vitan'ny mangalatra izy ireo fa dia mamono.
Manam-basy sy fiadiana tena hita ho arifomba,
Ary tsy olonolom-poana ireo mpiray tsikombakomba !

Noho izany tranga izany, mahatsiaro ny olo-maro
Fa tsy manana mpiahy sy tsy mba manana mpiaro.
Na an-tsaha na an-tanàna dia misentosento lalina,
Fa dahalo no manjaka na ny antoandro na ny alina !

…Iza no hanopy maso ka hanala ny mangidiny ,
Fa tsy te hahalala izany iretsy olo-nofinidiny ?
Tena hoe fotoana izao handavana ireo asa maizina :
Ireo mpitondra tsy mahomby , ireo no tena mila faizina .

Mivondròna handray adidy , 'ndao hiatri-pifidianana,
Ary hiaraka manonja sady hifanolo-tanana,
Handresena ireo dahalo sy mpitondra tsisy hapoaka,
Sy ho porofo f'efa tofoka sy leo azy ny vahoaka !

***TSIMIMALO (26-05-23)***